# NY TANTARAN'NY FIFOHAZAM-PANAHY

**Fifohazana FPMA Lyon**

# NY TANTARAN'NY

# FIFOHAZAM-PANAHY

**« Mandehana any amin'izao tontolo izao ianareo... »**

Teny Fanirahana toy izany no nomen'i Jesosy ary norenesin'ny Mpianatra farany avy tamin'Ny Tompony nony nakarina Izy. Ary ny toerana tokony ho nandehanany tamin'izany dia : « **any amin'izao tontolo izao...** ». Lalina fa ny tsy mahalala ny Mpaniraka dia diso fandray izany iraka izany ka ny fanirahana ho any amin'izao tontolo izao fotsiny no azony dia lasa izy, araka izany. Kanjo, rehefa mijery ny Soratra Masina dia mahita fa : « **ka mitoria ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra...** » no fanirahana nataon'i Jesosy ny Mpianatra, dia ireo izay efa ***nahalala tsara*** Azy. Ary ambonin'izany, rehefa mahalala tsara Azy tahaka ireto Mpianatra ireto izay nahita koa ny Asa sy fiainan'i Jesosy fony niaraka taminy, dia manao koa ny ***Asa izay nataony*** : « **Izay mino Ahy, ny Asa ataoko no hataony koa ; ary hanao Asa lehibe noho izany aza izy...** » **(Jaona 14, 12bde)**. Antsoin'i Jesosy hoe Asa lehibe ireo « **Famantarana...hanaraka izay mino...** » **(Marka 14, 17-18)**. Eto amin'ny andininy faha-roapolo no tena mampazava ny Loha hevitra nifantohan'izao Fankalazana faha 20 taona izao eto hoe : « **Mpitoriteny mahalala tsara ny Zanak'Andriamanitra** ». Hoy io andininy io hoe : « **Fa izy kosa dia lasa ka nitoriteny teny tontolo teny...** ». « **Mora** ny mandray sy mahazo izany, **nefa tsy feno** raha tsy misy ilay tohiny manao hoe : « **ary Ny Tompo dia niara-niasa taminy ka nanamarina ny teny (ny toriteny) tamin'ny famantarana**

**izay nomba azy...** ». Noho izany, ny mpitoriteny dia « **mitory ny Filazantsara** » tokoa, nefa tokony ho « **mahalala tsara ny Zanak'Andriamanitra** » koa izy amin'ny Asa (Famantarana) izay tanisain'ny andininy faha 17 sy faha 18. Io Asa io no antsoina hoe Asam-pifohazana izay hazavain'ity boky ity, mba ho fiezahana hamenoana izay banga na eo amin'ny asan'ny mpino izany, na eo amin'ny asan'ny fiangonana sy ny tantarany. Ny eto amin'ny FPMA Tafo Lyon dia vao 20 taona ihany izay no nisiany na dia efa 60 taona mahery aza ny Tafo. Efa manakaiky ny 130 taona kosa no nipoiran'izany voalohany tany Madagasikara, kanefa mbola hitan'ny mpandinika fa inian'ny mpanoratra sasany ny Tantaran'ny Fiangonana hadinoina io Asam-Pifohazana voalaza eto io. « Fahabangana lehibe eo amin'ny Tantaran'ny Fiangonana Malagasy » izany « dingan-dava izany » hoy ny mpandinika. Raha dinihina izany dia tsy eo amin'ny tantara ihany ny fahabangana fa eo amin'ny Asa napetraky Ny Tompo Jesosy koa. Izay ary ny 20 taona lasa. Isaorantsika ny Tompo sy ankalazantsika Azy amin'ny fotsika tokoa izany, fa « alao hery » satria ho tena faingana ny hahatongavan'ny 20 taona ho avy, mbola tokony hiasatsika, raha tsy mbola tafaverina i Jesosy Tompotsika.

Clément RAKOTO, Pasteur FPMA Lyon / Nice.

# 1. NY NIANDOHAN'NY FIFOHAZANA

Ny FIFOHAZANA dia fanafohezana ny teny hoe « fifohazam-panahy » izay asan'Andriamanitra niantsoany ireo ray aman-dreny malagasy teo amin'ny faramparan'ny taonjato faha XIX. Nifoha tamin'ny torimasom-panahiny izy ireo ka nitatra sy niroborobo ny asan'ny Fanahy Masina. « FIFOHAZANA », no anarana iantsoana ireo olona nandray ny fifohazam-panahy noho ny asan'ny Fanahy Masina. Ny Fifohazana dia ilazana indrindra ireo olona miombona noho ny namohazan'ny Tompo azy avy amin'ny maizina ho amin'ny mazava mahagaga ka manao ny asan'Ilay Mazava dia Kristy araka ny tenin'ny Soratra Masina hoe « **Mifohaza ianao izay matory, ary mitsangana amin'ny maty, dia hampahazava anao Kristy » (Efe 5, 14).**

Ohatra azo tsapain-tànana : « **Notairin'i Jehovah ny fanahin'i Kyrosy mba hanatanteraka ny tenin'i Jehovah » (Ezra 1, 1).**

Andriamanitra dia nanaitra ny fanahin'i Kyrosy (Mpanjakan'i Persia) mba hiverenany amin'ny fiainany « ara-dalàna » amin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy mba hanehoan'Andriamanitra ny fahazavany.

Ny fifohazam-panahy dia asan'Andriamanitra manetsika ny fanahy, manaitra ny olony mba hiteny fa tonga ny fotoana tokony hiverenana any Aminy. « **Handatsaka ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho » (Joela 3, 1-5)**.

Ny olona rehetra no tian'ny Tompo hovonjena « **Mandehana any amin'izao tontolo izao hianareo, ka mitoria ny filazantsara amin'ny olombelona rehetra** » **(Mar 16, 15).**

Raha ny ohatra noraisina dia milaza fa na dia tsy Jiosy aza i Kyrosy dia notairin'Andriamantra mba handray anjara amin'ny fampodiana malalaka ny Jiosy any Jerosalema mba hanangana indray ny Tempoly taorian'ny fahababoan'ny zanak'Isiraely nandritra ny 70 taona tany Babylona tamin'ny andron'i Nebokadnezara mpanjaka ka naharava ny Tempolin'Andriamanitra sy nahamay ny manda. Tempoly tokana nanana ny naha-izy azy teo amin'ny finoana Jiosy. Tsy vitan'izay ihany fa namerina ny fanaky ny Tempoly rehetra norobaina i Kyrosy. Na dia tsy Jiosy aza i Kyrosy dia niasa taminy Andriamanitra

Ny fifohazam-panahy dia fiverenana amin'ny fiainana « ara-dalàna » amin'ny maha-zanak'Andriamanitra sy amin'ny maha-vahoakan'Andriamanitra. Inona izany fiainana izany ?

- Fiverenana amin'ny tany nampanantenain' Andriamanitra sy ny fiangonany mba hanatanterahana ny fanompoana Azy ;

- Fialana tanteraka amin'ny fanompoan-tsampy sy ny fahotana maro samihafa.

Mandritra ny fifohazam-panahy dia ny herin'Andriamanitra no miasa mba hampangina ny herin'ny fahavalo :

- Ohatra voalohany : Bokin'i NEHEMIA. Nandritra ny fanamboarana ny Tempoly sy ny mandan'i Jerosalema taorian'ny fahababoana dia tsy takatry ny saina ny fiarovan'Andriamanitra ny vahoakany ;

- Ohatra faharoa : Iarahantsika mahafantatra ny famonjena nataon'Andriamanitra ho an'ny zanak'Isiraely nivoaka avy tany Egypta tamin'ny fanomezany fahefana an'i Mosesy.

Andriamanitra dia mibitsika an'izay notairiny ho amin'ny fifohazam-panahy mba hiaiky izany amim-panetren-tena tanteraka. Ohatra, miteny Andriamanitra hoe « **Alefaso ny oloko mba hanompo Ahy any an'efitra** » **(Eks 7, 16).**

- Farao : Taorian'ny loza fahafolo dia nandefa ny zanak'Isiraely ihany i Farao saingy tamim-pihatsaram-belatsihy. Fantatsika ny nahazo ny miaramilany rehefa nikatona ny ranomasina avy nandalovan'ny zanak'Isiraely ;

- Kyrosy : nanaiky tamin'ny fony. Nahazo fifaliana sy fiadanam-po...

## Ny tantaran'ny Fifohazam-panahy

Manome fifohazam-panahy hatrany ny olony Andriamanitra mba tsy hanadinoany ny famonjena nataony ka hitoeran'ny olona hatrany eo aminy **(Sal 137, 1-6).**

- Mifoha ve ny fanahinao eo am-piandrasana ny Tomponao ?

- Matetika ny mpino dia mieritreritra fa rehefa miresaka FIFOHAZANA dia natokana ho an'ny MPIANDRY izany. TSIA, HEVITRA DISO ;

- Ka raha ny olona milaza azy ho kristiana no mandà ny asan'ny FIFOHAZANA dia mieritrereta sao dia diso làlana ka mandà ny Tenin'Andriamanitra.

# 2. NY ZAVA-KENDRENA SY NY ASAN'NY FIFOHAZANA


## Ny tantaran'ny Fifohazam-panahy

Ny zava-kendren'ny Fifohazana sy ny asany no ahafantarana ny maha-kristiana isan'ny Fiangonana azy, ary koa ahalalana ny mampiavaka azy amin'ireo sampana na sampan'asa misy eo amin'ny Fiangonana. Izao no famaritana ny amin'ny zava-kendreny[1] : « **Fitoriana ny Filazantsara amin'ny olombelona rehetra, mba hahatonga azy hahalala sy hino an'i Jesosy Kristy Tompo sy Mpamonjy, ka handraisany ny famonjena** » **(Mar 16, 15-20)**.

Io no manambara ny antom-pisiany. Tsy misy Filazantsara roa fa iray ihany dia ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Mariho tsara fa tsy ny hitaona ny olona ho ao amin'ny Fiangonana izao na izatsy no antony itoriana ny Filazantsara fa ny hahalala sy hino an'i Jesosy Kristy, Tompon'ny tompo sy Mpanjakan'ny mpanjaka.

Ny olombelona rehetra tsy misy avakavaka no itoriana ny Filazantsara. Tsy misy fanavakavahana ao amin'ny Fiangonana, ary izany koa no fanahin'ny Fifohazana. « **Dia nasain'ny Fanahy hiaraka tamin'ireo aho ka tsy hizaha tavan'olona na dia kely akory aza** » **(Asa 11, 12)**.

*1 Fitsipika fototra navoakan'ny firaisan'ny fifohazana Loterana*



« Fa lazaiko aminareo : Raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo, dia tsy hiditra amin'ny fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo. »
(Mat 5, 20)

Azo zaraina ho enina loha miavaka tsara ny asa tanterahan'ny Fifohazana an-davan'andro :

## 1. Toriteny sy vavaka

Io no tena antom-pisian'ny Fifohazana. Zavatra roa loha tsy misaraka ireo amin'ny Fifohazana. Ny toriteny dia ialohavan'ny vavaka sady faranana amin'ny vavaka. Ny toriteny dia fitaomana ho amin'ny finoana, ary aorina amin'ny Tenin'Andriamanitra **(Rom 10, 17)**.

Ny toritenin'ny Fifohazana dia tsotra, mivantana ary mitaona ny olona hibebaka sy hiorina ao amin'i Jesosy Kristy. Zavatra telo loha no mandrafitra mandrakariva ny toritenin'ny Fifohazana :

- Ny voalohany dia ny filazana ny fahotan'ny olombelona, mba hahatonga ny olona haharikoriko ny fahotana ka hialany amin'izany ;

- Ny faharoa dia ny fanambarana mazava ny fitiavan'Andriamanitra tao amin'i Jesosy Kristy Ilay nanolotra ny aina ho avotra ho an'ny mpanota ;

- Ny fahatelo dia ny fiantsoana ny olona handray ny famonjena ao amin'i Jesosy Kristy.

## 2. Ny Tafika Masina

Ny fahavalo tsy maintsy resen'ny Fifohazana dia ny devoly sy ny asa ratsiny rehetra. Ny teny hoe tafika masina, dia teny entina milaza fa misy ady atao, saingy ady masina satria fanatanterahana ny fanafahana ny olona eo ambany vahoan'i satana. Toerana iray na tanàna mihitsy no tafihana. Misy koa ny fitetezana tokantrano.

## 3. Asa sy fampaherezana

Ny atao hoe « Mpiandry » dia ireo olona Mpandray ny Fanasan'ny Tompo ka nandray ny antson'ny Tompo hampahery ny vahoakan'Andriamanitra ary niomana ho amin'izany. Ny teny hoe « Asa sy fampaherezana » dia ahitana ireto dingana ireto :

- Vavaka ;

- Toriteny fohy ;

- Famakiana ireo teny avy amin'ny Soratra Masina atao hoe teny fanomezam-pahefana ;

- Fandroahana mivantana ny demonia sy ny forongony rehetra ;

• Fiantsoana ny olona izay mangetaheta fampaherezana mba hanatona an'Andriamanitra. Mandohalika eo anoloan'ny Mpiandry ny olona amin'izany ary ametrahan-tànana.

Ao anatin'ny asa ny asa fanasitranana amin'ny alalan'ny vavaka sy ny fametrahan-tànana araka ny teny hita ao amin'ny Soratra Masina : « **Misy marary va eo aminareo ? Aoka izy hampaka ny loholon'ny fiangonana ; ary aoka hanosotra diloilo azy amin'ny anaran'ny Tompo ireo sady hivavaka eo aminy ; ary ny fivavaky ny finoana dia hamonjy ilay marary, fa ny Tompo hanangana azy ; ary raha nanota izy, dia havela ny helony** » **(Jak 5,14-15).**

## 4. Dinika fitaizam-panahy


Ity kosa dia ny dinika atao amin'ny olona mangataka ny Mpiandry. Miainga hatrany amin'ny Soratra Masina izany ka itenenana mivantana amin'ny olona mba handehanany amin'ny làlana marina sitrak'Andriamanitra. Fampihavanana ny olona amin'Andriamanitra no atao amin'izany mba hahatonga ny olona ho resy lahatra amin'ny Tenin'Andriamanitra ka hanao ny sitrapony. « **Koa iraka solon'i Kristy izahay ka mangataka indrindra aminareo hoe : mihavàna amin'Andriamanitra anie hianareo** » **(II Kor 5, 20).**

## 5. Fampianarana ny Mpiomana

Ny atao hoe « Mpiomana » dia ireo olona manolo-tena ka miomana ho Mpiandry. Mety haharitra heritaona na roa taona ny fiomanana ho amin'izany.

## 6. Ny asa sosialy sy ny fampianarana

Ny asa sosialy dia asa fiantrana sy fanaovan-tsoa ary fijoroana ho vavolombelona samihafa izay ataon'ny Fifohazana any amin'ny toerana maro toy ny fonja, hopitaly, fitaizana zaza kamboty... **« Izay mino Ahy, ny asa ataoko no hataony koa » (Jao 14, 12b).**



« Ny Fanahin'i Jehovah Tompo no ato amiko, satria Jehovah efa nanosotra Ahy hitory teny soa mahafaly amin'ny mpandefitra, efa naniraka Ahy hahasitrana ny torotoro fo Izy, ary hitory fanafahana amin'ny babo sy hamoaka ny ao an-trano-maizina ho amin'ny mazava »
(Isa 61, 1)

Ny fampianarana kosa eo amin'ny fifohazana dia lava dia lava sady miditra amin'ny antsipirian-javatra matetika, hatramin'ny fomba fiakanjo ka hatramin'ny fihetsika atao. Andeha haka ohatra iray avy amin'ny fampianarana nataon'i Rainisoalambo tao Soatanana isika. Rainisoalambo ohatra, dia nampianatra ireto zavatra enina loha ireto :

• Ny Fibebahana : Noraisina araka ny « **Ary tamin'izany andro izany dia nanomboka nitori-teny Jesosy ka nanao hoe : Mibebaha ianareo, fa efa akaiky fanjakan'ny lanitra** » **(Mat 4, 17).** Olona mibebaka no nantsoina hiroso amin'ny batisa ;

• Ny fanetren-tena : Araka ny **Mat 18, 4** « **Koa na zovy na zovy no hanetry tena tahaka ity zazakely ity, dia izy no ho lehibe indrindra amin'ny fanjakan'ny lanitra** ». Tsy an-tsaina fotsiny fa miseho amin'ny fomba sy ny toetra dia ny fijery, ny fiteny, ny fomba fandeha ary ny fitafy ;

• Ny faharetana : araka ny teny ao amin'ny **Lio 21, 19** « **Amin'ny faharetanareo no hahatananareo ny ainareo** » **;**


• Ny vavaka izay tsy maintsy atao mandrakariva ary hanamasinana izay rehetra atao ;

- Ny « Didy[2] vaovao » : Araka ny teny ao amin'ny **Jao 13, 34-35 « Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo ; eny, aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa. Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa mpianatro ianareo, raha mifankatia ».** Ity no fototry ny fampianarana nataon'i Rainisoalambo : Fifankatiavana eo amin'ny Mpivady, ny zanaka sy ny Ray amandreny, eo amin'ny kristiana, indrindra ny Mpianatry ny Tompo ;

- Ny firaisana masina : Tokony hikambana sy hanana firaisan-kina amin'ny zavatra rehetra amin'ny asa atao, ny fisakafoana, ny varotra, ny zavatra amidy.

Ho famaranana dia tsarovy izao tenin'i Rainisoalambo izao : ***« Andriamanitra anie no nifidy anareo hanao izao asa izao fa tsy izaho velively ; ary izay nampianariko anareo dia zavatra avy amin'Andriamanitra sy ny Fanahy Masina, ary mbola hanohy sy hitari-dàlana anareo ny Fanahy Masina. Ary ny olona dia hahazo famelan-keloka sy ny Fanahy Masina toy ny taloha ihany koa amin'ny fametrahan-tànana »***.

2 http://www.miomana.com/manohy-manota-satria/, 26/04/2021



« Koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo ; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao. »
(Mat 28, 19-20)

Farany, mifikitra mandrakariva amin'ny baiko nomen'ny Tompo ny fanatanterahana ny zava-kendrena :

- **« Mandehana hianareo, koa ataovy mpianatra ny firenena rehetra » (Mat 28, 19) ;**

- **« Sitrano ny marary, atsangano ny maty, diovy ny boka, avoahy ny demonia ; efa nahazo maimaim-poana ianareo ka manomeza maimaim-poana » (Mat 10, 8) ;**

- **« Izaho maniraka anareo hijinja izay tsy nisasaranareo » (Jao 4, 38).**

# 3. NY FOTOTRA ARA-TSORATRA MASINA SY NY FAMPIANARANA

Manana fototra mazava ijoroana ny fifohazana sady manana fampianarana tànana sy ampitaina. Ny Soratra Masina rehetra araka izay ahitantsika azy ao amin'ny Baiboly – ny Testamenta Taloha sy ny Testamenta Vaovao – no raisin'ny Fifohazana ho fitsipiky ny fiainany sy fototry ny fampianarany. Na izany aza anefa, izay asehotsika eto dia izay mampisongadina ny Fifohazana amin'ny Soratra Masina ka tànany mafy ny fampianarana vokatr'izany :

• Asan'ny Fanahy Masina ny Fifohazana ary ny Fanahy Masina no mitarika sy manome hery ny Fifohazana amin'ny fanaovana ny asa niantsoan'ny Tompo azy. Ny **Joela 3, 1-5** izay milaza ny handatsahan'Andriamanitra ny Fanahy Masina « **amin'ny nofo rehetra** », ny « **fiantsoana ny anaran'i Jehovah** » ho famonjena, no antony itoriana ny filazantsara amin'ny olona rehetra. Amin'ny alalan'ny Fifohazana no anomezan'Andriamanitra ny fanomezam-pahasoavany ho an'ny Fiangonany. « **Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany** » **(I Kor. 12, 4)**. Tsapan'ny Fifohazana lalina fa nomena fanomezam-pahasoavana manokana izy, ary io no entiny eo anivon'ny Fiangonana mba hampiasain'Andriamanitra ka hijoroany eo anivon'izao tontolo izao. Ao amin'ny Fiangonana ny Fifohazana ary **« ao aminy no irafetan'ny rafitra rehetra, mitombo tsara ho tempoly masina ao amin'ny Tompo » (Efe 2, 21).**

• Atao amin'ny « **Anaran'i Jesosy** » ny zavatra rehetra ho an'ny Fifohazana. « **Ary na inona na inona ataonareo, na amin'ny teny, na amin'ny asa dia ataovy amin'ny anaran'ny Jesosy Tompo izany rehetra izany** » **(Kol 3, 17)**. Raha manaraka tsara ny asan'ny Mpiandry ianao, dia ho resy lahatra fa eo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina tokoa no anaovan'ny Fifohazana ny zavatra rehetra. Na ny taratasy ifanaovany aza dia ialohavan'ny teny hoe « Amin'ny anaran'i Jesosy ». Io fianteherana sy fanaovana ny zavatra rehetra amin'ny anaran'i Jesosy io no anorenan'ny Fifohazana ny « Asa sy fampaherezana », ary ny « Asa fanasitranana ». Araka ny efa voalazatsika tetsy aloha dia mino ny Mpiandry eo ampanaovana ny asany fa ny asan'ny Tompo no ataony fa tsy asa hafa akory. Mino koa izy fa « **izay angatahany amin'ny anaran'i Jesosy dia hataony izany mba hankalazana ny Ray ao amin'ny Zanaka** » **(Jao 14, 13).**

• Mino ny famantarana hanaraka izay mino ny Fifohazana ka tsy miahanahana amin'ny fanatanterahana ny asany araka ny voasoratra hoe : « **Hamoaka demonia amin'ny anarako izy, hiteny amin'ny fiteny izay tsy mbola hainy izy, handray menarana izy, ary na dia misotro zava-mahafaty aza izy, dia tsy hampaninona azy izany, hametra-tànana amin'ny marary izy, dia ho sitrana ireny** » **(Mar 16, 17 - 18)**.

• Finoana latsa-paka tsara ao amin'ny Mpiandry

eo am-panaovana ny asany ny hoe miaraka amin'i Jesosy izy, Jesosy no miasa fa ny Mpiandry dia fitaovana eo am-pelan-tànany ihany, eo afovoany Jesosy amin'ny asa rehetra ataony. « **Na aiza na aiza no iangonan'ny roa na telo amin'ny anarako dia eo afovoany Aho** » **(Mat 18, 20).**

Ny fanolorana ny Fanahy Masina sy ny famelan-keloka vokatry ny fibebahan'ny olona eo am-pandrenesana ny tenin'i Kristy no ambaran'ny Mpiandry amin'ny olona izay mihaino sy manatrika ny asa sy ny fampaherezana ataony. Zava-nahagaga nataon'ny Fanahy Masina tamin'i Kornelio sy ny ankohonany io. « **Raha mbola nilaza izany teny izany i Petera dia nilatsaka tamin'izay rehetra nandre ny teny ny Fanahy Masina** » **(Asa 10, 44).**

Mifamatotra amin'ny fibebahana ny famelan-keloka. « **Na helok'iza na helok'iza no avelanareo dia voavela izany ; ary na an'iza na an'iza kosa no tsy avelanareo dia tsy voavela izany.** » **(Jao 20, 23)**. Ny finoana dia ny fanasitranana omen'Andriamanitra ny olona. Tsy ny fanasitranana no tanjona ho an'ny Mpiandry fa ny famonjena. Ny fanasitranana dia endrika iray ihany isehoan'izany famonjena izany.

# 4. NY TOBY LEHIBE FIFOHAZANA

Azo ambara hoe nitovitovy tamin' ny tantaran'ny Fiangonana voalohany hitatsika ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly no nisehoan'ny asan'ny Fanahy Masina vokatry ny Fifohazam-panahy tao Madagasikara. « **Mandehana, fa fanaka voafidy izy ho fitondrana ny anarako eo anatrehan'ny jentilisa sy ny mpanjaka ary ny zanak'Isiraely** » **(Asa 9, 15).** Nisy ny famohazan'Andriamanitra ireo mpanompony tao anatin'ny torimasom-panahy, ny fitorian-teny sy ny asa mahagaga nanamarinan'Andriamanitra ny teny izay nampitondrainy ireo « mpifoha » ka nahatonga olona maro hanaiky ny asan'Andriamanitra. Marobe ireo niova fo ka nandray ny famonjena.

Izay hazavaina amin'ity lahatsoratra ity dia tsy izay rehetra tokony ho fantatra momba ny fifohazam-panahy eo amin'ny Fiangonana protestanta malagasy akory fa izay azo antsoina hoe « ny fara-fahakeliny tsy azo hadinoina ny amin'ny fifohazam-panahy dia ireo loharano niteraka ny ony ».

Mifidy izay tiany hofidiana Andriamanitra, ary miantso izay tiany hantsoina araka ny tenin'i Jesosy Kristy hoe : **« Tsy ianareo no nifidy Ahy fa izaho no nifidy anareo** » **(Jao 15, 16).** Koa ny filazana ny olona efatra, loharano niteraka ny Toby lehibe efatra no horesahina eto ka hasesitsika araka ny fizokiany eo amin'ny taona namohazan'Andriamanitra azy ireo.

Misy trangan-javatra teo amin'ny tantaran'ny protestantisma, izay tsy azo hadinoina alohan'ny hilazantsika ireo azo antsoina hoe « loharano niteraka ny ony » ireo dia ny tantaran'ny Maritiora malagasy, izay asan'Andriamanitra niantsoana ireo Maritiora voaloham-bokatry ny fivavahana kristiana tao Madagasikara. Tadidio fa nohomboana tamin'ny lefona tany Ambohipotsy i Rasalama maritiora tamin'ny 1837. Ary nanaraka azy taty aoriana ireo Maritiora an-jatony izay vavolombelon'ny finoana an'i Jesosy Kristy.

Koa raha milaza isika hoe « loharano niteraka ny ony » eto, dia tsy loharana teo amin'ny fivavahana kristiana protestanta akory fa teo amin'ny Fifohazana izay ampahany amin'ny tantaran'ny Fiangonana Protestanta tao Madagasikara ihany.

# 1. Soatanàna[3], notarihin'i Dada RAINISOALAMBO (1830 - 1904)

Efa niely tamin'ny faritr'i Betsileo ny fivavahana nentin'ny Misionera LMS tamin'izany. Ary tonga tany amin'ny faritra nonenan'i Rainisoalambo izay atao hoe Ambalavato. Nisy Fiangonana naorin'ny Misionera LMS tao. Ranisoalambo dia jentilisa nanaraka ny finoan'ny rainy izay mpanompo sampy sady Marambasia, izany hoe mpiambina andriana. Noho ny torohevitry ny olona dia noheverin-dRainisoalambo fa hahazoambola ny fivavahana ka dia mba nivavaka tao am-piangonana koa izy. Natao batisa izy ary tonga katekista nanampy ny misionera mihitsy. Taty aoriana moa noho ny fifanarahan'ny Misionera dia nisolo ny LMS ny Loterana.

Tsy nivavaka tamin'ny fony anefa izy fa olona nitady tombon-tsoa ihany satria ny ody sy ny forongony ary ny sikidiny dia mbola notazoniny ihany. Indray andro narary mafy i Rainisoalambo fa feno vay ratsy hatrany an-tampon-dohany ka hatrany ampaladiany. Voarakitry ny tantara ny namohazan'Andriamanitra an-dRainisoalambo.

Araka ny raki-tsoratra dia izao no voalaza « Koa tamin'ny alin'ny 14 Oktobra 1894, taorian'ny sakafo hariva, izany

3 Isandra, FIANARANTSOA




Vavahady fidirana amin'ny Toby lehibe Soatanàna.
Marc Dozier



Dada RAINISOALAMBO (1830 – 1904)
Soatanàna.
L’ANCRE - Décembre 2014

hoe tokony ho tamin'ny 9 ora alina eo ho eo, dia nitodika tamin'Andriamanitra izy ka nivavaka hoe : ***« De ny manao akory soasoa, Andriamagnitsa o, ro de anton'ny ijaliako tahaka izao ? Mifona aminao aho, mba sitrano aho. Amena ».*** Toy ny rendremana izy taorian'izany vavaka izany, ka nahita fahazavana lehibe avy teo amin'ny tafon-trano sy lehilahy niakanjo fotsy lava nijoro teo akaikiny, nijery azy tamim-pitiavana lalina sady niteny taminy hoe : ***« Ario aby ny odinao, dia ho sitragna agnao ».*** Taitra Rainisoalambo. Nahatsiaro saina tsara. Nanjavona teo ilay fahitana.

Iny alina iny ihany, dia niarina Rainisoalambo, nangoniny ny ody nivavahany ary nodorany teo am-patana. Nivavaka izy, nahatsiaro ireo tenin'Andriamanitra novakiany teo aloha. Vonton'alahelo sy nilona tamim-bavaka izy ary nibebaka ny fahotany tamin'ny fony rehetra. Nikasika azy Andriamanitra iny alina iny, sitrana izy, maina ireo feriny. Nahatsiaro ny herin'ny Fanahy Masina tao anatiny izy. Nony vao mangiran-dratsy ny andro nohadiany ireo ody naleviny tany an-tsaha ary nariany tany andava-piringa. Olom-baovao voavela heloka sy nahazo fanasitranana i Rainisoalambo nanomboka teo. Ny naharesy lahatra azy ka nahazoany ny famonjena dia ny fandaozany ny odiny.

## 2. Manolotrony[4], notarihin'i Neny RAVELONJANAHARY (1850 - 1970)

Zanaky ny LMS koa i Neny Ravelonjanahary. Nitana ody toy ny ankamaroan'ny olona tamin'izany i Renilahy fa izany no fiantsoana azy tamin'izany. Ny nanamarika ny fiantsoan'ny Tompo azy dia ny nisehoan'i Jesosy taminy matetitetika. Nandritra ny 60 taona izy no nisehoan'ny Tompo toy izany ary nanomboka tamin'ny 1910. Indray hariva dia nahita zavatra mamirapiratra izy, ary nony avy eo dia nisy feo niteny taminy mba hijery ny rantsan-tànany folo. Nanazava taminy ilay niseho taminy ka nanao hoe : « ***Ny didy folon'Andriamanitra ireo voasoratra ireo. Izay rehetra mino an'Andriamanitra noho ny teny izay ambaranao dia ho sitrana amin'ny aretiny rehefa hametrahanao ny tànanao.*** »

Ny Tompo mihitsy no nampianatra azy tamin'ny fomba mahagaga izay tsy takatry ny saina maha-olona. Maty nandritra ny enina andro izy ary nasain'ny Tompo nilazana ny havany mba tsy handevina azy fa amin'ny andro fahafito hoy ny Tompo dia hitsangana ianao. Taorian'izany indray dia niteny taminy ny Tompo nanao hoe : « ***Ny fanahinao dia hakarina any an-danitra, ary omena fanahy hafa kosa ianao mba tsy hahafaty anao*** ». Nandritra ny telo volana dia tsy nisakafo izy afa-tsy rano mangatsiaka. Tany an-danitra no nampianarana azy nandritra io telo volana io.

4 *Arindrano, FIANARANTSOA*




Toby lehibe FARIHIMENA
https://apbbv.wordpress.com

Araka ny tantara dia mbola maty nandritra ny telo andro indray i Neny Ravelonjanahary. Maty Zoma izy ary nitsangana velona ny Alahady, ary natrehan'ny olona maro izany zava-mahagaga izany. Ny finoana no nohamafisin'i Neny Ravelonjanahary tamin'ny fampianarany. Raha misy manatona azy mba ho sitraniny dia izao ny fiteniny : « ***Tsy mahay manasitrana aho tompoko, fa raha mino an'i Jesosy ianareo, dia Izy no hamaly ny hetahetanareo*** ». Betsaka ny fanasitranana sy ny zava-mahagaga nataony.

## 3. Farihimena[5], notarihin'i Dada RAKOTOZANDRY Daniel (1919 - 1947)

Amin'ireo ray aman-dreny efatra mitondra ny toby lehibe, dia Rakotozandry Daniel irery no Pastora. Farary hatry ny fahazazana Rakotozandry, toratorana matetika izy ary efa nampoizina ho toy maty aza indray andro. Hoy ny fitantaran'i Rakotozandry ny momba azy tamin'izay : « ***Raha tao ampatoriana naharitra toy izany anefa aho, dia indro hitako olona miakanjo fotsy lava nijoro teo anilako sady niteny tamiko nanao hoe : « raha matoky Ahy ianao, dia hanasitrana ny aretinao Aho ». Nanaiky ny teniny aho fa hatoky Azy, ka taitra sady niarina teo amin'ilay torimasoko aho, dia ilay fahatoranana naharitra teo. Variana aho tamin'izay nahita ny reniko nitomany teo anilako, sy noho ny tavako efa voafehy mosara ary noho ireo vahoaka tonga handevina hono*** ».

Indray andro dia norombahin'ny ombiasy iray ny zanak' anabaviny izay narary. Nilaza hahasitrana ity zaza ny ombiasy nefa tsy nahasitrana. Nivavaka kosa Rakotozandry ary nanao hoe : « ***Andriamanitra ô, aza omena ny hafa ny voninahitrao fa asehoy eto mba hampiaky ity jentilisa ity ». Sitrana ilay zaza ary niantso an'i Rakotozandry hoe : « Dadatoa, Dadatoa*** ».

*5 Vakinankaratra, ANTSIRABE*

Nanomboka teo dia « Dadatoa » no nanjary anarana niantsoana an'i Rakotozandry Daniel. Tsy nisy olona afaka nanafina ny fahotany na ny zavatra nataony tamin'i Dadatoa fa nambaran'i Jesosy taminy avokoa ireny mba hahatonga ny olona hibebaka sy hiaiky ny fahotany. Be ny toriteny sy ny fampianarana ary ny fahagagana nataon'i Dadatoa fa izany rehetra izany dia nifototra tamin'ny fampianarany mikasika ny fibebahana.

Nandritra ny heritaona no namohazan'ny Tompo azy kanefa heritaona nahitam-bokatra maro.

Indray andro dia hoy Jesosy taminy : « ***Miandry anao ny olona fa mahay mitoriteny ianao, mahay manasitrana ianao, mahavita fahagagana ianao. Te-hahita anao ny olona. Takona ny voninahitro fa tsy Izaho intsony no tadiavin'ny olona fa ianao. Aza malahelo Rakotozandry malala o, ianao no hiaraka amiko, hiaraka isika roalahy izao, ary ny asa tsy vitanao aty hataoko*** ».

## 4. Ankaramalaza[6], Neny VOLAHAVANA Germaine (1941)

Volahavana no tena anarany, fa ny hoe Germaine dia anarana nofidiany rehefa natao batisa izy. Nenilava no anarana fiantsoana azy ary ny Fiangonana Loterana no nisy azy. Vao folo taona monja Nenilava dia nandre feo niantso azy isaky ny amin'ny 12 ora atoandro. Tamin'ny naha-zaza azy anefa dia tsy fantany izay niantso azy. Niverimberina tamin'ny nofiny ny nanasan'ilay olona ranjanana ny tongony sady namafany azy tamin'ny lamba famaohana. Nony feno 17 taona Volahavana Germaine dia nanambady an'i Mosesy Tsirefo, izay katekista tao amin'ny Fiangonana noho ny faneren'ny rainy azy.

Ny Alarobia 01 Aogostra 1941 no nanombohan'i Nenilava ny asa rehefa nifampitolona tamin'ny tovovavy kely iray demoniaka izy. Nivoaka ny demonia ary niteny hoe : « ***Hivoaka izahay, hivoaka izahay, fa tonga ilay mahery noho izahay*** ». Dia lasa daty malaza tsaroana isan-taona ho an'ny Toby lehibe Ankaramalaza io daty io. Mialoha io asa nataon'i Nenilava io, dia nentin'Andriamanitra tamin'ny tsindrimandry tany an-danitra izy, nasehon'Andriamanitra azy ny hiran-danitra tsara tsy hay lazaina sy hiakiakan'ny very any amin'ny afobe. Ary hoy Jesosy taminy : « ***Ao no hisy anao raha tsy mety manaiky ny teniko ianao*** ». Nanaiky i Nenilava, ary izao no tenin'ny Tompo

*6 Anala, VOHIPENO, FIANARANTSOA*



Neny VOLAHAVANA Germaine
na i Nenilava (1918 - 1998)
Biographie de Nenilava et histoire du Réveil à Madagascar

taminy tamin'ny Alakamisy 2 Aogostra 1941 : « ***Mitsangàna, mitoria ny Filazantsara eny tontolo eny. Avoahy ny devoly. Miasà… Aza mangataka andro. Tonga ny fotoana hankalazana ny Zanak'olona eto amin'ity firenena Matitanana sy Ambohibe ity. Hianareo no nofidiako hanambara izany. Mandidy anareo Aho*** ».

Araka ny voalaza ao amin'ny boky kely « Graines d'Evangile », izay manazava ireo Fiangonana mahaleo tena aty Afrika, Nenilava dia nipoitra avy tamin'ny Fiangonana Loterana, ary tsy mba nitarika ny Fifohazana Ankaramalaza hiala amin'ny Fiangonana 12. Nisy fotoana nanokanana azy tamin'ny fomba miavaka. Akanjo miavaka araka ny toro-marika nomen'Andriamanitra an'i Nenilava no nanjairana ny akanjo dia araka izay hita ao amin'ny (Eks 28) sy ny (Apo 19). Tany Ankaramaza no natao ny fanokanana an'i Nenilava tamin'ny 1 sy 2 Aogostra 1983, ary Pastora Loterana no nanao ny fanokanana. Betsaka ny fahagagàna sy ny fanasitranana nataony. Voalaza fa Jesosy mihitsy no nampianatra azy fiteny tsy fantatra mba hampitombo ny fahaizany ny Soratra Masina ho entiny mitory mazava ny Tenin'Andriamanitra.

# 5. NY FIFOHAZANA FPMA LYON

Tamin'ny taona 1991 dia nanasa an'i Pasteur Daniel RAJAKOBA mivady, izay isan'ny mpiangona tao amin'ny FPMA Aix-Marseille, ny FPMA Lyon hanatanteraka fanompoam-pivavahana. Nofaranana tamin'ny fanatonan'ny mpiangona nametrahan-tànana sy nanaovana vavaka fampaherezana izany fanompoam-pivavahana izany.

Sabotsy tolak'andro tamin'izay ary fotoana manokana. Nanampy azy mivady tamin'ny fametrahan-tanana ny Mpitandrina mpandrindra Haja RATSIMBA avy tany amin'ny Tafo Aix-Marseille. Tsy natao hoe asam-pifohazana io fotoana io, satria tsy mbola fantatry ny FPMA Lyon marina izay tena dikan'izany asa fanompoan'ny Fifohazana izany.

Io fotoana io no tanteraka dia noho ny fifanatonana nisy teo amin'ny FPMA Lyon sy Aix-Marseille sy noho ny fihavian'ny Mpitandrina mpandrindra avy ao Aix-en-Provence.

Noho ny asan'ny Fanahy Masina dia nitombo ny fangatahan'ny mpino ho vangian'ny Mpitandrina mpandrindran'ny FPMA Tafo Lyon Solo ANDRIANOMENJANAHARY tany an-tokantrano nanomboka tamin'ny taona 1999. Ny ankabeazan'izy ireo dia mpino tsy tonga niangona teto amin'ny FPMA Lyon.

Nanampy manokana ny mpitandrina, nitondra azy nanatona ireny olona ireny i Obermond RAMARIJAONA mivady, izay

samy diakona teto amin'ny FPMA Lyon.

Tamin'ny taona 2001 dia nangataka an' Maminiaina RALIJAONA – filohan'ny Tafo Lyon tamin'izay fotoana izay – ny tokony hananganana ny FIFOHAZANA eto amin'ny FPMA Lyon i Obermond RAMARIJAONA mivady. Ny antony dia ny haneken'ny FPMA Lyon ny fisian'ny asam-pifohazana eo aminy sy hanaovana izany asa fanompoana izany eo amin'ny sehatra mazava. Tsy asa famangiana olona ivelan'ny fanompoam-pivavahana ihany no tokony atao fa fanaovana asan'ny Fifohazana izay ambara sy tanterahana mazava eo amin'ny sehatry ny fiangonana FPMA Lyon.

Efatra ny Mpiandry nisy teto amin'ny Tafo Lyon tamin'izay dia :

- ANDRIANANDRIANINA Narindra ;
- NEBIE Noro ;
- RAMARIJAONA Obermond ;
- RAMARIJAONA Sylvia.

Izy efatra mianadahy ireo, niaraka tamin'ny Mpitandrina mpandrindra Solo ANDRIANOMENJANAHARY, no nanao ny asa sy fampaherezana, araka izay fomba fanao mahazatra hitatsika mandraka ankehitriny ary Alahady iray isaky ny roa volana no nanaovana azy.

Nitombo hatrany ny isan'ny Mpiandry tao amin'ny FPMA Lyon izay notarihin'ny Mpitandrina RAKOTO Clément. Ireto avy izy ireo amin'izao fotoana izao :

- ANDRIANANDRIANINA Narindra ;
- DEBION Alexandre ;
- NEBIE Noro ;
- RABENAKAMBANARIVO Lalatiana ;
- RABENAKAMBANARIVO Léonce ;
- RAJAONSON Andriamanjakasoa Février ;
- RAKOTOVELO Bakoly ;
- RAKOTOVELO Haja ;
- RAVELOJAONA Sahondra ;
- RAZAFIMANANTSOA Fidy.

Anisan'ny nitondra ny anjara biriky tamin'ny fananganana sy fanohanana ny Fifohazana teto amin'ny FPMA Lyon ireo ray amin-drenin'ny zanaky ny fiangonana sendra namangy ny zanany taty andafy. Noraisin'ny Fifohazana an-tanan-droa izy ireo sady nanampy azy tamin'ny asa sy ny fampaherezana koa rehefa tojo ny fotoana voatokana ho amin'izany. Nankasitrahan'ny Fifohazana sy ny Fiangonana manokana ny fanampiana azo tamin'ireny Mpiandry avy tany Madagasikara ireny. Tsaroana manokana amin'izany ny ray aman-dreny :

- Andriamatoa RAMAMPIANDRA Daniel (Mpiandry

tao Soatanana) sy RAZAFIMALALA Esther vadiny (Mpiandry tao Manolotrony), ray aman-drenin'i Herizo ANDRIANANDRAINA ;


- Andriamatoa RANDIMBIARISOA Joëlson (Mpiandry tao amin'ny Toby Fehizoro Tsara, Fitandremana Ankerana, Fileovana Soatanàna, Synodam-paritany Afovoany) sy RASOAVELO Gertrude vadiny (Mpiandry tao amin'ny Toby Fehizoro Tsara Fitandremana Ankerana, Fileovana Soatanàna, Synodam-paritany Afovoany) ray aman-drenin'i Faranirina RANDIMBIARISOA ;

- Andriamatoa RAKOTOVAO (Mpiandry tao amin'ny TobyAndranoraikitra - Fandriana), ray niteraka an'i Lalao RAKOTONDRATSIMBA.

Ny Mpiandry avy tao amin'ny FPMA Aix-Marseille dia tonga namangy matetika ny Fifohazana teto amin'ny FPMA Lyon. Tamin'ireny fotoana ireny indrindra no nahatongavan'i Pasteur RAKOTO Clément sy Ramatoa RAKOTO Estera vadiny (2007 - 2008), ka nanao asa sy fampaherezana teto amin'ny FPMA Lyon, talohan'ny nahatongavany ho Mpitandrina mpandrindra ny Tafo tato aoriana kely.

---

Bibliographie
https://fifohazana-fpma.org/fifohazam-panahy,
Paul RAMINO, 03 février 2021


fpma
Lyon
"Ary ny Tompo niara-niasa taminy
ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy"
Mar 16 : 20 b
fpma
Fifohazana Lyon
MPITORITENY
MAHALALA TSARA
Ny Zanak'
Andriamanitra
FANKALAZANA NY FAHA-20 TAONAN'NY FIFOHAZANA FPMA LYON
SABOTSY 3 & ALAHADY 4 JOLAY 2021

fpma Lyon

fpma Fifohazana Lyon

"Ary ny Tompo niara-niasa taminy
ka nanamarina ny teny tamin'ny famantarana izay nomba azy"
Mar 16 : 20 b

JON 5 | Fanompoam-pivavahana, fanomanana sy fitondrana am-bavaka
2 ora hariva, ao @ EPTM

JON 19 | Fanompoam-pivavahana, fanomanana sy fitondrana am-bavaka
2 ora hariva, ao @ EPTM

JOL 3 | Fanompoam-pivavahana sy fotoana malalaka
2 ora hariva, ao @ EPTM

JOL 4 | Fanompoam-pivavahana fankalazana ny faha-20 taona
2 ora hariva, ao @ EPTM




# MPITORITENY MAHALALA TSARA
# Ny Zanak' Andriamanitra

**FANKALAZANA NY FAHA-20 TAONAN'NY FIFOHAZANA**
**SABOTSY 3 & ALAHADY 4 JOLAY 2021**

## FIZARAN-TAKELAKA

**1. NY NIANDOHAN'NY FIFOHAZANA ........................... 4**

**2. NY ZAVA-KENDRENA SY NY ASAN'NY FIFOHAZANA .............................................................. 9**

1. Toriteny sy vavaka ..................................................... 12
2. Ny Tafika Masina ........................................................ 13
3. Asa sy fampaherezana ................................................ 13
4. Dinika fitaizam-panahy................................................ 14
5. Fampianarana ny Mpiomana....................................... 15
6. Ny asa sosialy sy ny fampianarana ............................ 15

**3. NY FOTOTRA ARA-TSORATRA MASINA SY NY FAMPIANARANA........................................................... 21**

**4. NY TOBY LEHIBE FIFOHAZANA ................................ 25**

1. Soatanàna, notarihin'i Dada RAINISOALAMBO (1830 - 1904) ............................................................... 28
2. Manolotrony, notarihin'i Neny RAVELONJANAHARY (1850 - 1970) ............................................................... 32
3. Farihimena, notarihin'i Dada RAKOTOZANDRY Daniel (1919 - 1947) ............................................................... 35
4. Ankaramalaza, Neny VOLAHAVANA Germaine (1941) ............................................................................... 37

**5. NY FIFOHAZANA FPMA LYON................................. 40**




**NY TANTARAN'NY FIFOHAZAM-PANAHY**

Boky natonta nandritra ny fankalazana ny faha 20 taonan'ny Fifohazana FPMA Lyon, ny 3 sy 4 jolay 2021. Nozaraina maimaim-poana ho an'ireo mpiangona.